# TEKNIKA MIRINDRA HIADINA AMIN'NY MANDAZON'NY OVY

*(Ralstonia solanacearum)*

Coopération franco-malgache

Fonds Solidarité Prioritaire PARRUR

PArtenariat et Recherche en milieu RURal

## FIPARITAHAN'NY ARETINA



✓ Tany misy otrik'aretina fandazo



✓ Masomboly ovy miendrika salama kanefa mitahiry otrik'aretina fandazo



✓ Masomboly nosilahina (manokatra varavarana hidiran'ny aretina)




✓ Voly tratrin'ny aretina fandazo (ovy, voatabia, ahi-dratsy…)

✓ Sisam-bokatra avy amin'ny voly tratry ny fandazo



✓ Fitaovam-pamokarana misy otrik'aretina fandazo

✓ Zezi-pahitra misy taho na fako avy amin'ny ovy na ny voly tratry ny fandazo



✓ Rano fanondrahana misy otrik'aretina fandazo

✓ Ranon-driaka avy amin'ny tanimboly misy aretina fandazo

## TEKNIKA MIRINDRA




✓ Fambolena amin'ny tany tsy misy otrik'aretina fandazo



✓ Fampiasana masomboly voatily mialoha fa tsy misy otrik'aretina fandazo, avy amin'ny karazan'ovy mahatanty



✓ Tsy fanilahana ny masomboly ovy



✓ Fanohofana taona maromaro ny tany misy fandazo amin'ny alalan'ny fambolena voly tsy andairan'ny aretina (vary, katsaka...)

✓ Fanongotana sy fandoroana ny voly ovy tratry ny fandazo sy ny sisam-bokatra nararin'ny fandazo

✓ Fisorohana ny ahi-dratsy na ny dimbin'ny voly ovy izay mety hitahiry ny otrik'aretina fandazo



✓ Fandiovana ny fitaovam-pamokarana (eau de javel…)

✓ Fanatsarana ny toe-tany na ny sakafon'ny voly amin'ny alalan'ny fitondrana zezi-pahitra salama (tsy misy taho na fako avy amin'ny voly tratrin'ny fandazo, zezi-maintso)



✓ Fanondrahana amin'ny rano azo antoka fa tsy misy otrik'aretina fandazo

✓ Fanaovana aro-riaka

FSP PARRUR - PArtenariat et Recherche dans le secteur RURal